# ALAHADY FAHA 19 MANDAVANTAONA A 2026-



*MAMPATOKY NY MANATONA AN'I JESOA MPAMONJY*

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo dia nibanjina famantarana maneho fa eo anivontsika Andriamanitra ary Andriamanitra mangoraka satria sady nanasitrana izy no nampianatra ary nome sakafo izany hoe Andriamanitra mpamelona tokoa no Andriamanitsika.... Rentsika teo koa fa namonjy niampita ny ilan'ny rano… Tandindona lehibe izany. Tian'I Jesoa isika hiala miaraka Aminy hiampita amin'ny fiainana vaovao. Izany no irintsika amin'izao Sinaody izao ka ho tafita tokoa isika eto anivon'ny diosezy mametraka rafitra ahafahantsika mivelona ny finoana. Tsy mankaiza amin'izany ihany koa no kendren'ny firenentsika amin'izao fikaonan-doham-pirenana izao hahatonga antsika hiampita amin'ny fanavaozana sy fanarenana ny firenena ka hahitan'ny vahoaka fivelarana ny mahaolona sy maha olona manontolo.

**Vakiteny I :** 1 Mpanj. 19, 9a. 11-13a.
**Tononkira :** Salamo 8
**Vakiteny II :** Rôm. 9, 1-5
**Evanjely :** Mt. 14, 22-33

Azo lazaina izany fa tantarantsika io voalazan'ny Evanjely androany io. Raha ny zava-misy iainantsika dia manosika ho génération mpanorina isika mba hahafahantsika mametraka tokoa rafi-piainana manarina indray ny tranobe iombonana, hikolokolo azy araka ny vôkasiontsika hiasa sy hikarakara ny sahan'Edena. Fantatsika fa tsy mora izany fa indrindra amin'izao krizy maro lafy manjo antsika izao. Alohan'ny hidirantsika amin'ny foto-pampianarana andao handinika ireo Tenin'Andriamanitra aroson'ny Eglizy amin'izao Alahady faha-19 mandavan-taona izao...

Tian'ny Eglizy amin'izao Alahady faha-19 mandavantaona izao àry ny hampianatra antsika mba hatoky manatona an'i Jesoa na dia misamboaravoara aza ny fiainana, na dia misy aza mitady handrava, na dia misy aza mitady hanapotika. Miatrika krizy maro lafy tokoa isika izao.

Hitantsika ao amin'ny Evanjely i Piera nahita an'i Jesoa nandeha teo ambony rano ka nanatona an'i Jesoa, natoky tena loatra izy ka nilentika. Toetrantsika koa io, matetika isika rehefa

mahomby kely dia efa mipoerapoera, mirehareha ka lavo tahaka an'I Piera miantso vonjy.

Eo anivontsika i Jesoa, mpiara-belona amintsika, ka Izy no nanarina an'i Piera ary nilaza taminy hoe aza matahotra, manatona eto akaikiko ianao, na eo aza ny onjan-dranomasina dia zary tony. Afaka niroso i Piera nanatona an'i Jesoa ka tamin'izay indrindra no nanaovany ny fiekempinoana "kely finoana aho ka ampio ny finoako, tena tsy mendrika hanatona Anao akory aho, ary Ianao no zanak'Andriamanitra". Hitantsika fa mampiova zavatra maro tokoa ny finoana. Fampianarana lehibe ho antsika izany fa indrindra ianareo tanora taranaka mpanorina, aoka ho fantatsika fa tsy maintsy miaraka amin'i Jesoa isika vao afaka manorina. Amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy no hahafahantsika manorina satria i Jesoa tsy lavitra antsika, tsy sanatria matoatoa Izy ary izany no nolazainy tamin'ny mpianany.
Miantso antsika i Kristy ankehitriny ry tanora zandry malala, tahaka nataony tamin'i Piera hoe "Avia".

"Ady sady Dia" ny fiainantsika, ady amin'ny ratsy nefa handresy isika na dia mitady handrendrika antsika aza ny ratsy satria nandresy i Jesoa, ho tody soa aman-tsara isika tahaka an'i Piera. Tsy ny tanora ihany no antsoin'i Jesoa fa indrindra amin'izao krizy izao fa isika jiaby ary izany no antony anaovantsika izao Sinaody izao. Miantso i Jesoa ary isika miara-mamaly ~~ary~~ ka miara-dalana miara-mandroso amin'ny lalindalina kokoa.
Aoka ny fampianarana amin'izao Alahady faha-19 izao hanampy antsika hifototra tsara amin'i Jesoa ka hivahatra amin'I Jesoa ny fiainantsika. Hanam-pinoana isika ka hilaza tahaka an'i Piera hoe tsy mendrika aho ka hampian'i Jesoa isika ao anatin'ireny fiainana sarotra ireny, ny tadiavin'i Jesoa dia isika hifikitra Aminy.

Ry EOV hava-malala, ry Eglizy Velomin'ny Batemy miombona miara-dalana, fantaro fa arakaraky ny fifikirantsika amin'i Jesoa no hahafahantsika mitondra ny famonjena eo amin'ny mpiara-belona, hahazoantsika aina sy hery vaovao, aza mieritreritra isika fa noho ny saimpantantsika na noho ny volantsika na noho ny talentantsika no hahafahantsika mamonjy an'ity firenentsika ity, mila an'i Jesoa isika ary izany no maha taranaka mpanorina antsika. Matoa maro ny zava mirodana ary very repère isika dia tahaka an'I Piera teny ambony rano, mipoerapoera mahavita tena kanefa mbola mila an'I Jesoa.

Tsara koa anefa ny manazava inona marina ny dikany hoe "mila an'i Jesoa isika raha te ho tafita"? Tsy Mpanao "magie" i Jesoa fa Zanak'Andriamanitra miaraka amintsika ary manolotra ny tanany hiaraka amintsika. Izany hoe raha miaraka Aminy isika dia mivelona tahaka azy. Manao ny asan'Andriamanitra tahaka azy dia ny marina, mahafoy tena ho an'ny hafa, manompo.... Zary Kristy Mpiara-belona amin'ny olona. Mila an'i Jesoa isika mba ho tafita tahaka an'i Masina Maria zary Tabernakla velona, Mpivahinin'ny fanantenana mamafy hafaliana sy fiadanana ary fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao....

Izany rehetra izany indrindra no tian'i Md Paoly ampianarana antsika ao amin'ny vakiteny faharoa : "raha ny sitrako dia aoka izaho no voaozona mba hahavoavonjy ny taranako". Izany hoe mila fanoloran-tena, mila fahafoizana izany fiombonana amin'i Jesoa izany, tsy hoe mandeha ho azy fa tsy maintsy mahafoy tena isika.

*"milaza ny marina ao amin'i Kristy aho, ka tsy mandainga, ary ny Fanahy Masina sy ny hitsim-*

*poko no vavolombeloko, fa malahelo mafy aho, ory lalandava ny foko, satria saika niriko aza ny ho voaozona ho lavitra an'i Kristy ny tenako, hamonjeko ny iray finoana amiko, izay havako araka ny nofo, dia ireo Israelita, izay manana ny fananganan-janaka, sy ny voninahitra, sy ny fanekena, sy ny lalàna sy ny fombam-pivavahana, ary ny fampanantenana."*

Tsy maintsy mahafoy tena isika mba ho Kristy mpiara-belona amin'olona izany hoe hahafahantsika manambara an'i Kristy amin'ny fiainantsika ary dia manana modely isika hoy Md Paoly. Vavolombelona tokoa ny fiainan'i Victoire Rasoamanarivo sy i Lucien Botovasoa izay fantatsika fa nahafoy ny ainy noho ny fitiavany mpiray tanindrazana taminy.
Tsy ampy ny fitiavan-tanindrazana na dia efa dingana lehibe aza fa ny tena ilaina dia ny fahafoizana. Aoka ho hery ho antsika amin'izany ny tantaran'i Elia ao amin'ny vakiteny voalohany izay nihevitra hahita an'Andriamanitra ao anaty rivo-doza, na afo. Tsy misy herisetra ao amin'Andriamanitra fa amin'ny alalan'ny fahanginana sy fiombonana Aminy no isehoany, tsy anaty horohoron-tany na rivotra na afobe ny fisehony fa anatin'ny tsioka mangina izany hoe aoka hatoky an'Andriamanitra isika, raha miaraka Aminy isika dia afaka hanorina fiainana tena izy, izany no fampianarana naverimberina tamintsika nandritra ny JMJ teto amin'ny diosezy iny : Sambatra ny malemy fanahy", tsy amin'ny alalan'ny herisetra na hetraketraka no hahazoantsika hasambarana. Famonoana, fanapotehana no vokatry ny herisetra ka raha tiantsika ny hampandroso ny tanintsika ity aoka ho tahaka ny rentsika amin'ny vakiteny voalohany io, aoka ao anatin'ny halemem-panahy, hitsim-po, fahamarinana no iainantsika.
"Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany" izay anaty tranobe iombonana ity ka na dia eo aza ny hetraketraky ny fiainana dia i Kristy no milaza amintsika tahaka ny nolazainy an'i Piera hoe "Avia manatona". Koa na dia eo ny savoaramboaram-piainana dia handeha ambony rano isika. Tsy araky ny saim-pantatsika anefa fa aoka ao Aminy sy amin'ny alalany no entintsika hamakivaky ny fiainana sarotra. Ady sady dia ny fiainana ka matokia an'i Jesoa isika tahaka ny nanampiany an'i Piera.

Ry Jesoa zokinay ô, mazava fa tianao tokoa izahay, fantatrao ny rivotra mahery, mangozohozo ny fiainanay, fantatrao ny zavatra manahirana manembantsembana ao anatinay, fantatrao ny tahotray eo amin'ny fiainana, fantatrao ny tebiteby, koa ampio àry izahay hahay hidododo hankeo Aminao ka amin'izay ho tafita soa aman-tsara eo anivon'ny fiainanay izahay ka handova ny tany. Hokarakarainay ity tranobe iombonana ity ka amin'izay dia hiadam-pinaritra ao Aminao izahay. Masina Maria Reny, Reny miahy anay zanaka tokoa ianao. Misamboaravoara ny fiainanay amin'izao ka ampio izahay hanatona an'I Jesoa ka Izy anie hampitony ny rivotra mila handrendrika anay. Md Josefa, tohano am-bavaka izahay amin'izao Sinaody izao mba ho tafita soa aman-tsara ny dinikay rehetra.
Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson